Izay miady hampiakatra avo ny tenin'Allah dia mizotra amin'ny làlan'Allah

Tatitra azo avy tamin'i Abi Mossa (R.A) niteny : Nanontaniana ny irak'Allah momba ny lehilahy iray izay miady amin'ny fahasahiana, sy miady noho ny fiarovana, ary ny miady amin'ny fireharehana, hoe : aiza amin'izy ireo no natao ho an'Allah? Dia hoy ny irak'Allah namaly hoe : "Izay miady hampiakatra avo ny tenin'Allah dia mizotra amin'ny làlan'Allah".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nanontaniana ny Mpaminany (S.A.W) momba ny tanjona samihafa ananan'ireo mpiady. Misy ny miady noho ny fahasahiana, na noho ny fiarovana, na ny mba hahitana ny toerany eo anivon’ny vahoaka, na ny hafa ankoatr'izany, dia aiza amin'izy ireo no amin’ny làlan'Allah? Dia nanambara ny Mpaminany (S.A.W) fa ny mpiady amin'ny làlan'Allah dia izay miady mba hampiakatra avo ny tenin'Allah.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/2969